


Ny Drafitr'Andriamanitra

Ny tenako dia ho an’ny Tompo, ary ny Tompo dia ho an’ny tenako.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

> “Fa Hianao no nahary ny voako; Namolavola ahy tao an-kibon-dreniko Hianao. Hidera Anao aho; fa mahatahotra sy mahatalanjona ny nanaovana ahy; Mahagaga ny asanao; Ary fantatry ny fanahiko marimarina izany. Ny tenako tsy niafina taminao, fony natao tao amin'ny miafina aho, ka noforoninao hisy endrika tany ambanin'ny tany.” (Salamo 139:13-15)

Rehefa nodinihko ny tena ara-batana, dia feno fahatsapana aho. Ny zavatra izay lasa vatako dia nomanina sy noforonin'Andriamanitra teto an-tany ela be talohan'ny nidiran’izany tao amin'ny tenako. Andriamanitra no nanendry ny zavatra iray izay hahaforona ny tenako indray andro any.

> "Ny masonao efa nahita ahy na dia fony tsy mbola ary fady aza aho; Voasoratra teo amin'ny bokinao [‘ny momba ahy’] avokoa ny andro voatendry, fony tsy mbola nisy na dia iray akory aza.” (andininy 16)

Andriamanitra dia nànana drafitra ho an'ny tenantsika talohan'ny nisian'izy ireo. Ampitahao amin’izay nolazain’i Jesosy ao amin’ny Lioka 12:7 io andininy io:

> "Fa na dia ny volon-dohanareo aza dia voaisa avokoa. Aza matahotra; fa mihoatra noho ny tsintsina maro hianareo.”

Ity fanambarana ity dia mampiseho ny halalin’ny fiahian’Andriamanitra ny tenantsika ara-batana — Nanisany ny volon-dohantsika mihitsy aza. Rehefa mahatsapa izany isika, dia tsy maintsy manaiky fa manana fikasana amin’io asa mahagaga io koa Andriamanitra, izay aseho ao amin’ny 1 Korintiana 6:19–20:

© 2008 - Dries Du Plessis

"Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo, sady efa azonareo tamin'Andriamanitra? ka tsy tompon'ny tenanareo hianareo. Fa olom-boavidy hianareo, koa dia mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo.”

Misaotra Anao, Tompo ô, noho ny amin’ny Fanomezanao ny tenako. Hankalaza an'Andriamanitra amin'ny tenako aho, ary manambara fa ny tenako dia ho an'ny Tompo, ary ny Tompo dia ho an'ny tenako, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-081-MLG

Nohavaozina farany: 08 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

